

Inona no atao mba **ialàna**  
amin'ny **ady tany** sy mba tena  
ho lasa **fanoitry ny fampan-**  
**drosoana** ho an'ny akama-  
roan'ny **Malagasy** tokoa ny  
tany eto **Madagasikara** ?

Sehatra lombonana hoan'ny Fananantany (SIF)

Lot 141 faravohitra – Antananarivo 101

sif.fananantany@gmail.com

034 16 534 63

## Fizahan-takelaka

## Fampidirana

Fampidirana	
1. Ny fototry ny olana mahatonga ny adi-tany eto Madagasikara	5
1.1. Tsy fisian'ny vina mazava momban'ny fanajariana ny tany	6
1.2. Ny lalàna nifandimby dia nampirisika ny Malagasy hampiasa ny tany mba ho lasa tompony izy	7
1.3. Ny atao hoe fitantanana fanantanty mahomby	8
2. Manam-pahefana hisoroka sy hamaha ny adi-tany ny Kaominina	10
2.1. Ny Kaominina sy ny lalàna mifehy ny hetra sy ny hetran-tany	11
2.2. Ny Kaominina sy ny Lalàna mifehy ny fanajariana ny tany	12
2.3. Ny Kaominina sy ny lalàna mifehy ny fanantanty	14
3. Fizarana ny traikera tamin'ny fanisan-tany izay niarahan'ny SIF natao tamin'ireo Kaominina vitsivitsy teto Madagasikara	16
3.1. Ny Kaominina sy ireo fotodrafitsara sy vakoka misy ao	17
3.2. Ny zavamisy eo amin'ny tany	21
3.3. Ny vokatry ny fanisan-tany	23

Manoloana ny fahasahiranana mianjady amin'ny Malagasy eo amin'ny fainany sy ny foto-pivelomany dia mandroso soso-kevitra amin'ny alalan'ity boky kely ity ny Sehatra Iombonana hoan'ny Fanantan-tany na SIF, vovonan'ny fiarhamonim-pirenena misehatra amin'ny fanantanty, entina manova izany ho any amin'ny tsaratsara kokoa.

Ny lalàna dia manome fahefana ny Kaominina amin'ny sehatra maro samihafa izay tena manampy betsaka tokoa hizorana any amin'ny fampan-drosoana azon'ny vahoaka tsapaina tanana. Saingy nohon'ny antony maro samihafa izay miankina na tsy miankina amin'ny mpitantana ny Kaominina dia tsy dia ampiasaina firy ireo fahefana nomen'ny lalàna azy ireo. Ny tanjon'ity boky kely ity dia tsy hoe hampahfantatra fotsiny ireo fahefana ananan'ny Kaominina ireo fa koa ny hanoro lalana ny amin'ny fomba hampiasana azy ho amin'ny tombotsoan'ny besinimaro.

Teboka telo no velabelarina ato anatin'ity boky kely ity

- Ny fototry ny olana mahatonga ny adi-tany eto Madagasikara.
- Ireo fahefana nomen'ny lalàna ny Kaominina mahakasika ny tany izay tsy dia ampiasain'ny ankamaroan'ny Ben'ny Tanàna loatra.
- Fizarana traikera niarahan'ny SIF sy ny Kaominina Mahatsara – Brick-aville tamin'ny fanisana tany sy famolavolana drafi-panajariana ary fani-san-ketra.

Alohan'izany rehetra izany anefa dia tsara ny mampa-hfantatra fohifohy ny mombamomban'ny SIF.

Ny SIF dia vovonan'ny fiarhamonim-pirenena nasionaly izay misehatra amin'ny fanantanty. Tamin'ny 2003, ireo mpikambana namorona azy dia ireo federasion-an'ny tantsaha sy fikambanana tsotra ary ONG manerana

an'i Madagasikara izay nahatsapa fa ilaina, ary tena fanoitra ho fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ny fijerevana ny fanantanany manokana. Ho fanatsarana ny fiainan'ny vahoaka malagasy, indrindra indrindra hoan'ny tantsaha, dia ny lohahevitra tena dinihiny ary hanomezany sosokevitra ho fanatsarana dia


- Ny fomba mety hahazoana ny tany
- Ny fomba fampiasana ny tany
- Ary ny fomba fandrindrana ny fanajariana ny tany.

Izany rehetra izany dia mba hahatonga any amin'ny fanjariansakafo hoan'ny vahoaka malagasy.

Ny fanantanany dia singa lehibe ao anatin'ny fitantanana ny tontolo iainana, koa mandray anjara amin'izany ihany koa ny SIF amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID-Hay Tao. Amin'ny alalan'ny fampandrindrana ny fomba fahazohoana tany, ny fandaminana ny tahala sy ny fanajariana ny tany ary ny fiarovana ny zo mahakasika ny tany no fomba entin'i SIF hanatanterahany ny andraikiny amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Izany dia ho fanampiana ny hezaka ataon'ny Fitondrana foibe sy eny ifotony amin'ny fiarovana ny harena voajanaharin'I Madagasikara, singa lehibe amin'ny fampandrosoana maharitra ny firenena, ny fampiroboroboana ny fivelomana maharitra izay mety hanoloana ny fomba tsy maharitra amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ary fepetra mazava sy entitra ho antoky ny fitantanana ifotony mahomby ary fahazoana ny harena voajanahary.



## **Ny fototry ny olana mahatonga ny aditany eto Madagasikara**



Raha indray mibango, ny mahatonga ny adi-tany amin'ny ankapobeny dia tsy voatsinjo ny soa iombonana hatramin'izay fa toa mifantoka amin'ny fahazoany tany ho azy manokana ny tsirairay na ny mpitondra na ny entina.

## 1.1 Tsy fisian'ny vina mazava momban'ny fanajariana ny tany

*Nohon'ny tsy fisian'ny vina mazava amin'ny fanajariana ny tany dia mivangongo amin'ny toerana efa mahazatra ny olona fa tsy misy ny fihitaran'ny tanàna manaraka ny fitombon'ny mponina sy ny filany, ary ilay velaran-tany kely efa be mponina no lasa hifandrohitana.*

Ny adi-tany dia saika misy manerana an'i Madagasikara, betsaka ny antony mahatonga izany fa ny tena fototry ny olona dia ny tsy fisian'ny fandrindrana sy fandaminana ny fampiasana ny tahala mihoatra ny fihazakazaky ny fitombon'ny isan'ny mponina sy ny filany tany. Raha araka ny tarehimarika ofisialy dia tsy mitsaha-mitombo ny isan'ny mponina. Raha ny eto Madagasikara dia mahatratra 3% isan-taona ny tahan'ny fitombon'ny mponina eto Madagasikara, nefo ny velaran-taniny dia mahatratra 587.040km<sup>2</sup> ary tsy hitombo na oviana na oviana. Fantatra ihany koa fa ny 73% ny olona izay manana tany eto amintsika dia nahazo izany avy amin'ny fandovana. Raha ireo tarehimarika ireo fotsiny no jerena dia azo lazaina fa mbola ambany be ny habetsahan'ny mponina mihoatra ny velaran-tany misy, satria eo amin'ny 33,4 ny habetsahan'ny olona isaky ny km<sup>2</sup>, izay azo lazaina fa ambany dia ambany mihoatra amin'ny firenena hafa satria any amin'ny laharana faha 144 i Madagasikara mihoatra ny firenena 195. Any amin'ny firenena aziatika, toa an'i Singapour ohatra, dia mahatratra 7.829 ny habetsahan'ny olona isaky ny km<sup>2</sup>, izany hoe in-234 avo heny amin'i Madagasikara ny habetsahan'ny mponina isaky ny km<sup>2</sup> any Singapour. Nefo raha io firenena io no jerena dia azo lazaina fa isan'ny tena mandroso be tokoa ary mirindra tsara ny fampiasana ny taniny, ka tsy dia misy loatra ny adi-tany tahaka ny eto amintsika. Raha dinihina izany dia mivangongo amin'ny faritra efa mahazatra izay efa nisy foto-draftrasa efa ela ny ankamaroan'ny mponina eto Madagasikara. Tsy dia misy loatra ny fanajariana vaovao fa ny fihitaran'ny tanàna dia miainga eo amin'ny toerana tranainy. Marihina fa ny olom-pirenena tsirairay no miantoka ny fiainany, fa ny fotodrafi-

trasa iombonana sy ny fandaminana ny fampiasana ny tahala amin'ny ankapobeny ho amin'ny filan'ny daholobe dia anjaran'ny Fitondram-panjakana foibe sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, indrindra fa ny Kaominina.

## 1.2 Ny lalàna nifandimby dia nampirisika ny Malagasy hampiasa ny tany mba ho lasa tompony izy

*Na dia vitsy aza ny mponina isaky ny Km<sup>2</sup> eto Madagasikara, dia fantatra fa tsy misy toerana na iray aza tsy misy tompony, satria raha vao manao zavatra amin'ny tany iray ianao dia efa misy mijoro ho tompony hatrany.*

Zany no miseho dia vokatry ny fampiharana ny politikan'ny fanantanany tamin'ny nahazoana ny fahaleovantena tamin'ny taona 1960 izay nampirisika ny Malagasy hanajary ny tany satria izay olom-pirenena miasa amin'ny tany no ho tompony. Marihana fa amin'ny resaka fanantanany dia ny fanapanahan-kevitra politika tany aloha dia mamela tandindo amin'ny ankehitriny. Raha araka ny lalàna laharana 60-004, tamin'ny 05 Febroary 1960, mahakasika ny tanim-panjakana, dia nilaza ny tao amin'ny andininy faha 11, andalana faharoa, fa tsy mihatra amin'ny tany efa nohajarian'ny olona efa ela ny fiheverana fa tanim-panjakana ny tany rehetra tsy vita titra fa heverina fa ilay nanajary azy no tompony. Amin'ny andininy faha 18 amin'io lalàna io ihany dia manamafy fa tsy afaka mahazo titra fanantanany raha tsy efa nanajary ny tany mandritran'ny 10 taona farafahakeliny. Ireo andinin-dalàna ireo no namporisika ny olom-pirenena malagasy rehetra hampiasa sy hanajary ny tany eto Madagasikara mba ho lasa ho tompony. Amin'ny ankilany anefa, nohon'ny fisian'ny porofo manambara mahatompony ny tany dia lasa alaimpanahy na ny mpitondra na ny ankamaroan'ny olom-pirenena hilaza fa tsy tompon'ny tany ny olona iray raha tsy manana karatany na titra. Raha araka ny lalàna nifandimby anefa, ny andininy fa 11 andalana faha 2 ny lalàna 60-004 sy ny andininy faha 33 ny lalàna laharana fa 2005-019, dia mazava fa na tsy manana porofo maha tompony ny olona iray dia azo heverina fa tompon'ny tany avy hatrany raha toa ka efa nanajary efa ela ilay tany raha toa ka tsy mifantsaka amin'ny tanin'olona efa vita titra na tanim-panjakana tsy azo amidy. Ny tsy firaharahana ireo olona nanajary ny tany izay tsy mbola manana titra na karatany ireo ihany koa no anisan'ny fototry ny adi-tany. Matetika mitranga ny adi-tany rehefa hanao fitrandrahana harena ankibon'ny

tany satria ny harena ambanin'ny tany moa dia fananan'ny Fanjakana ka alaim-panahy ireo manana fahazoan-dalana tonga dia mandavaka ny tany tsy mihera akory amin'ny tompon'ny tany araka ny baikon'ny lalàna. Raha araka ny voalazan'ny andininy faha 125 ka hatramin'ny faha 129 ny fehezan-dalànan'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, sy ho fanajana ny zo mahatompoly voambaran'ny andininy faha 34 ny Lalàm-panorenana dia tsy tokony miroso amin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany ny olona iray raha tsy efa nanao fifanarahana an-tsortra amin'ny tompon'ny tany. Marihana fa raha ny lalàna velona dia tsy ny manana titra sy karatany ihany no atao hoe tompon'ny tany raha araka ny voalaza etsy ambony.

### **1.3 Ny atao hoe fitantanana fanantany mahomby**

Ny fitantanana fanantany mahomby dia tsy mihidy amin'ny resaka karatany sy titra fotsiny fa mandrindra ireo teboka telo ireto: ny fomba fanomezana tany ny vahoaka, ny fandrindrana ary fampiasana ny tany amin'ny alalan'ny fandrindrana ny tahala sy ny fanjariana ny tany, ny fomba fiarovana ny zo amin'ny fanantany.

*Ny fitantanana ny fanantany dia tsy tokony ho tery amin'ny resaka titra sy karatany ihany fa tokony hitantana ny fampiasana ny tany ho tombotsoan'ny besinimaro ary ny taranaka fara-mandimbiny Malagasy.*

Tsapa amin'ny ankapobeny fa ny ankamaroan'ny olon-drehetra, na ny mpitondra io na ny entina, dia mihevitra fa ny atao hoe fanantany dia voafetra amin'ny fanomezana sy fitantanana ny porofo maha-tompon'ny tany (Titra omen'ny Sampandraharahan'ny fanantany, na Karatany avy amin'ny Birao ifoton'ny fanantany) fotsiny ihany.

Anisan'ny sakana tsy hirosoana any amin'ny asa fampandrosoana izany fomba fiery tery izany, satria ny fitantanana ny fanantany dia sady mijery ny tombontsoan'ny tsirairay no mihevitra ny soa iombonana. Raha toa ka mihazakazaka maka sombin-tany ary mampiasa azy amin'izay tiany hanaovany azy ny tsirairay dia tsy hisy fandrosoana vanona eto amin'ny tany sy ny firenena. Rehefa tsy misy io fandaminana sy fandrindrana ny filan'ny tsirairay amin'ny filan'ny daholobe io eo amin'ity resaka

tany ity dia toy izao ny zavatra mety hitranga, izay efa zary iainana ankehitriny : ny osa ara-bola dia tsy hanana tany velively ary ny kely ananany aza mbola ho votsotra eo ampelatanany satria rehefa tsy misy ny politika mazava iarovana ny osa ara-pivelomana dia ireo mpanam-bola no hividy ny tany rehetra eto, ary hampiasainy izany hiteraka tombotsoa ho azy manokana; ny fotodraftrasa natao ampiasainy besinimaro toy ny lalana, arabe, sekoly dia lasa fananan'olon-tokana; ny toerana voatokana hanaovana fambolena dia lasa hototofana hanorenana tombin-tsolika na orinasa izay hampihena ny vokatra natao hidivana amin'ny hanohanana, sns. Tsy ampy ny fampifandraisana na fanoratana amin'ny olona ny tany amin'ny alalan'ny fitantanana ny porofo maha-tompon'ny tany izay iantsorohan'ny sampandraharahan'nyfanantany (Domaines,Topo) syny Kaominina (Birao Ifotony fanantany) fa mila arindra ihany koa ny fomba entina mampiasa ny tany izay fehezin'ny drafi-panajariana izay tantanin'ny Kaominina sy ny Fanjakana. Ny fanomezana titra sy karatany dia fampifandraisana ny olona sy ny tany izay mitsinjo ny tombotsoan'ny tsirairay. Fa ity farany kosa dia tsy afaka mirihariha raha tsy miaina ao anatin'ny fiaraha-monina ary miankina amin'ny alalan'ireo foto-draftrasa ampiasaim-bahoaka toy ny lalana, toho-drano fanondrahana tanimboly sy/na famokarana herinaratra, hopitaly, sekolim-bahoaka, sns. Noho izany, ny fitantanana ny fanantany mahomby dia mampifandrindra ny fiarovana ny zon'ny tsirairay mahakasika ny tany amin'ny pepetra mitsinjo ny soa iombonana. Raha tsy mifanentana sy mifandanja ireo dia tsy maintsy hisy foana ny adi-tany eto Madagasikara. Raha atao kisarisary ny fisehon'ny zava-misy amin'ny resaka fanantany eto Madagasikara dia toy izao: mitanila amin'ny fihazakazahana amin'ny fitompoana ny tsirairay eo amin'ny tahala izay tery sy efa mahazatra eny ka na ny toerana izay natao hanatanterahana ny filam-bahoaka toy ny lalana, sekoly, tsena, aza toa lasa ifandrohitana ho fananan'olo-tokana. Adino sy tsy voajery loatra ny soa iombonana fa na ny mpitondra na ny entina dia mifaninana amin'ny fitompoana tany dia lasa zary tsy misy valiny ireto fanontaniana ireto fa ny fiandrasana ny fanampiana avy amin'ny mpamatsy vola no vahaolana majika zary lasa lamaody ankehitriny. Firy ny velaran-tany ilain'ny Malagasy sy ny taranaka faramandimbiny amin'ny famokarana sakafio miantoka ny fahavelomany? Aiza avy eto Madagasikara no hametrahana ireo velaran-tany ireo izay miantoka ny fisian'ny mponina ao

aminy? Voarindra ve ny fihitaran'ny tanàna tsirairay avy araky ny fitombon'ny mponina sy ny filany? Aiza ny toerana hametrahana ireo orinasa hanodina ny akora vokarina hiantoka ny famoronan'asa sy ny kalitaon'ny fanjifana?



## Manam-pahefana hisoroka sy hamaha ny adi-tany ny Kaominina

Mazàna dia tsy ampiasain'ny ankamaroan'ny Kaominina, amin'ny maha vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana akaikin'ny vahoaka azy, ny fahefana omen'ny lalàna azy hafahany misoroka sy mamaha ny adi-tany ary mamadika ny tany ho fanoitry ny fampandrosoana na koa tsy avela ankolaka na mivantana hanatanteraka izany izy.

Ny Kaominina dia omen'ny karazan-dalàna samihafa fahefana hifehy mivantana na ankolaka ny resaka tany izay natao hiteraka fampandrosoana nefà tsy dia ampiasaina loatra izany:

- ***Ny Lalàna mifehy ny hetra*** - Ny lalàna mifehy ny fampidiran-ketra dia efa ampolon-tanony izao no nanome fahefana ny Kaominina hitantana 100% ny hetran-tany sy trano.
- ***Ny Lalàna mifehy ny fanajariana ny tany*** - Ny fandaminana ny fampiasana tany amin'ny alalan'ny fametrahana drafi-panajariana ny tany sy ny fanatanterahana azy dia efa andraikitra nomena ny Kaominina hatramin'izay ary amafisin'ny Lalàm-panorenana sy ireo lalàna mifehy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany.
- ***Ny Lalàna mifehy ny fanantanany*** - Tao anatin'ny 15 taona izao dia nomena andraikitra hitantanana ny porofo maha tompon'ny tany ny Kaominina amin'ireo sata-tanin'olotsotra tsy vita titra.

### 2.1 Ny Kaominina sy ny lalàna mifehy ny hetra sy ny hetran-tany

***Ny fampiharana ny fitakiana ny hetran-tany sy trano dia manery ny Kaominina hanao fanisana ny tompon'ny tany rehetra ao aminy.***

Raha hitaky hetran-tany ny Kaominina dia tsy maintsy fantariny iza avokoa ireo tompon'ny tany misy ao aminy satria izy ireo no mandoa izany amin'ny maha hetra mivantana azy. Tsy ny tany vita titra sy karatany ihany no voakasika fa ny tany rehetra afa-tsy ny tanim-panjakana sy ny tanin'ny rafitra misata fanjakana izay tsy mandoa hetra izy ireo. Noho izany dia tsy maintsy manao fanisana ny tompon'ny tany ny Kaominina.

Amin'izany fanisana izany dia mila fantarina ny habean'ilay tany sy ny zavatra misy eo amboniny satria avy amin'ny alalan'izay no hamaritana ny tombambidin-ketra. Marihana fa ny fitakiana hetra mahomby dia mifototra amin'ny fanatanterahana tanteraka ny fanisana manerana ny Kaominina,

satria raha misy ampanhan'olona tsy mandoa hetra vokatry ny faharatsian'ny fanisana dia hitarika ny ankamaroan'ny olona tsy handoa hetra izany.

Manana tahotra sy fahalainana amin'ny fandoavan-ketra ny ankamaroan'ny olom-pirenena ka izany no anisan'ny antony goavana tsy dia maharisika loatra ny mpitantana ny Kaominina hiroso amin'ny fanatanterahana azy ity. Nefa raha dinihina dia io no anisan'ny loharanom-bola azo antoka sy haharitra indrindra eo anivon'ny Kaominina, ary tsapa izany any amin'ny firenena mandroso.

Mila taizàna tsikelikely hiditra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fitantanana ny raharaha-bahoaka ny olom-pirenena tsirairay, izay amin'ny alalan'ny fandoavan-ketranoanisan'ny hanehoany izany fotsyny fideidianana fotsiny ihany.

Na inona na ionna ny vokatrin'ny tahan'ny fandohavan-ketra, ny kaomina dia tokony banana ny antontan-kisa eo amin'ireo olona tompon'ny tany hafahany mifehy ny filaminana ara-tsosialy sy ara-ekonomika ao aminy.

## 2.2 Ny Kaominina sy ny Lalàna mifehy ny fanajariana ny tany

*Araka ny lalàna dia ny Kaominina no tomponandraikitra voalohany amin'ny fanajariana ny ao anatin'ny farim-piadiidiny ary ny fanisana ny tany dia anisan'ny antontam-baovao fotora amin'ny famolavolana ny drafi-panajariany miantoka ny tombotsa iombonana.*

Araka ny voalazar'ny lalàna laharana faha 2015-051, tamin'ny 03/02/2016, mahakasika ny fironana eo amin'ny fanajariana ny tany (Andininy faha 23 ka hatramin'ny 31) dia miara misalahy amin'ny Fanjakana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana toyny Kaominina amin'ny fanatanterahanany politikan'ny fanajariana ny tany, manatontosa ireo asa fanajariana ao anatin'ny fari-piadiidiny, mamolavola sy manatanteraka ireo drafi-panajariana mahakasika azy.

Resahana matetika ny atao hoe fampandrosoana nefraha tsy misy ny drafi-panajariana dia ho lasa resaka fotsiny izany. Io drafi-panajariana io dia mifototra amin'ny fahalalana ny zava-misy ao anatin'ny Kaominina, ary mandalina izany zava-misy izany mba hamaliana ny filan'ny mponina ao aminy amin'ny

vanim-potoana diavina izao sy ny hoavin'ny taranaka faramandimbiny.

Ny drafi-panajariana dia mandamina ny fampiasana ny tany ho amin'ny tombotsoan'ny besimaro, ary mamaly ny fanontaniana rehetra miompana amin'ny fitsinjovana io tombotsoan'ny rehetra io toy ny hoe : aiza ny toerana asiana ny fonenan'ny mponina? Aiza ny toerana hanaovana ny fambolena? Firy ny velaran'ny tany farafahakeliny azo afindra mba hiantohana ny faharetan'ny famokarana sakafo antoky ny fiainan'ny olombelona? Aiza ny toerana misy ny harena ankibon'ny tany izay mety hotrandrahana? Aiza no apetraka ny industria sy ny orinasa maro isa-karazany? Aiza no asiana ny tsena? Tokony atao alavitra ny trano fonenana ve izany? Sns. Tsy vitan'ny manao famaritana ireny toerana samihafa ireny fotsiny fa koa mamestraka ny fepetra izay arahina amin'ny fanatanterahana azy. Ny drafi-panajariana izany dia ombam-pitsipika izay mampihatra azy. Koa ny asa fampandrosoana rehetra ao anatin'ny Kaominina dia tokony miainga amin'io drafi-panajariana io sy ny fitsipika mampihatra azy. Raha toa ka hanao trano ianao dia tsy maintsy manana planina, toy izany ny drafi-panajariana, ohatran'ny ahoana ny endrika tianao omena an'ny Kaominina misy anao izay tsy ataoatao foana fa tsy maintsy mifototra amin'ny fahafantarana ny zava-misy.

Ny fahalalana ny olona rehetra manana tany ao anatin'ny Kaominina sy ny toerana misy azy sy ny ampiasana azy dia antontam-baovao fotora amin'ny famolavolana ny drafi-panajariana. Tsy maintsy manao fansi-tany ihany koa raha toa ka tiana ny hanana drafi-panajariana matotra ny Kaominina iray. Ny fahafantarana ny olona rehetra miasa sy mipetraka ary tompon'ny tany ao anatin'ny Kaominina dia efa dingana lehibe sahadys entina misoroka ny adi-tany. Raiso an-tsaina anie eo amin'ny lafin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany e! Ny Ministera misahana ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany no manome ny fahazoan-dalana hitrandraka, fa raha toa ka fantatra mialoha ny olona rehetra tompon'ny tany eo ambonin'ny faritra trandrahana izay voarakitra ao anatin'ny drafi-panajariana, dia efa manampy avy hatrany izany eo amin'ny fampanantonana ny mpitrandraka sy ny tompon'ny tany amin'ny fifanarahana.

## 2.3 Ny Kaominina sy ny lalàna mifehy ny fananantany

**Ny Kaominina dia nomen'ny lalàna fahefana hitantana ny fananantany ary tokony hanao fanisan-tany izy mba hafahany manatontosa tsara izany**

Ny fanovana ny politikan'ny fananantany tamin'ny 2005 dia nanome fahefana ny Kaominina hitantana ny sata-tany, tanin'olontsotra tsy vita titra. Ny Kaominina amin'ny alalan'ny Birao ifoton'ny fananantany dia afaka manao fitsirihana ifotony ny fananantany ary manome karatany ho an'ny olona eo amin'io sata-tany io hanaporofo ny maha tompon'ny tany azy. Takian'ny lalàna anefa ny fananan'ny Kaominina ny draftra ifotony maneho ny olona mampiasa sy /na tompon'ny tany ao anatin'ny kaominina (PLOF) alohan'ny hanokafany ny Birao ifoton'ny fananantany. Araka ny andininy faha 4 ny lalàna laharana faha 2006-031, tamin'ny 23 Novambra 2006, izay mameatra ireo fitsipika mifehy ny sata-tanin'olontsotra tsy vita titra dia voalaza fa io draftra ifotony izay maneho ny fampiasana sy fitompoana ny tany io dia sarin-tany maneho ny antontam-baovao : mamaritra ny sata-tany tsirairay ao anatin'ny Kaominina, manavaka ireo sombin-tany izay tafiditra ao amin'ny fahefan'ny Kaominina amin'ny fanomezany karatany, hafahana ihany koa mahalala ny fivoaran'ny momban'ny tanim-panjakana sy ny tanin'olontsotra. Araka ny voalazan'ny andininy faha 4 an'io lalàna io ihany, dia anjaran'ny Kaominina amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny fandrefesan-tany no mamolavola io « PLOF » io. Koa raha dinihana ireo famaritana nomen'io andinin-dalàna io dia tsy maintsy miroso amin'ny fanisan-tany ihany koa ny Kaominina vao afaka manana « PLOF » tena manaraka ny lalàna izay maneho ny sata-tany rehetra sy ireo olona rehetra manana tany ao anatin'ny Maominina.

**Mila manao fanisan-tany (recensement parcellaire) ny Kaominina izay fototra entina manorina ny draftra fanajariany ny tany, miaro ny zon'ny olona amin'ny fananantany ary mba hampiditra vola amin'ny alalan'ny hetra hanatanterahana ny asam-ba-hoaka.**

Ny resaka fananantany dia manana endrika roa farafahakeliny : maneho ny fifandraisana eo amin'ny olona sy ny zavatra dia ny tany, amin'ny andaniny, ary maneho ihany koa ny asa atao eo amin'ny tany, amin'ny ankilany. Ny resaka fampifandraisana ny olona sy ny tany dia iandraiketan'ny sampan-

draharahan'ny fananantany eny ifotony sy iantsorohan'ny Fanjakana, izay mifototra amin'ny fanomezana sy fitantanana ny porofo maha tompon'ny tany izay mijery ny tombotsoan'ny tsirairay. Fa ny endrika iray hijerena ny fananantany, amin'ny maha zavatra ny tany, dia ny asany eo amin'ny fiainan'ny olom-pirenena, eto indray dia ny drafi-panajariana sy ny resaka hetra no miditra bebe kokoa satria mijery ny tombotsoa iombonana izay ny Fanjakana sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ihany koa no miantsoroka izany. Tsapa fa tsy mifandanja ny andraisana sy hikarakarana ireo endrika roa ananan'ny resaka fananantany ireo fa lasa mitanila ato amin'ilay endri-pifandraisana izay mifantoka amin'ny tombotsoan'ny tsirairay, fa lay anjara asany dia tsy dia voajery loatra izay mandamina ny tombotsoa iombonana amin'ny alalan'ny drafi-panajariana.

Ilaina ny mampifandanja ny tombotsoan'ny tsirairay sy ny tombotsoa iombonana satria mifampiakina ireo. Ny fananana fitoniana amin'ny fizakana manana sy/na fampiasana ny tany dia antoka ho amin'ny fahavirihan'ny olom-pirenena hanao ny asany, fa raha toa ka tsy misy ny vola entina hampandehanana ny asa ataon'ny Fanjakana sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana avy amin'ny alalan'ny hetra hanaovany ny andraikiny izay miaro ny olona amin'ny zony amin'ny fananantany dia tsy ho tanteraka izany. Torak'izany ihany koa, raha tsy misy fandaminana mirindra mitsinjo lavitra ny fomba fampiasana ny tany dia ho loza miantona ho an'ny Malagasy sy ny taranaka faramandimbiny satria tsy voahevitra ny soa iombonana izay miantoka ny zo sy tombotsoa ho an'ny tsirairay.

Eo ampelatanan'ny Kaominina avokoa ny fahefana rehetra hafahany manatanteraka izany : hetran-tany, fitantanana ny porofo mahakasika ny fananantany ary ny fanajariana ny tany. Tsapa fa ireo karazan-dalàna mifehy ireo sehatra telo voalaza ireo dia maniraka ankolaka sy/na mivantana ny Kaominina hanao fanisana ny tany avokoa mba hampahomby ny asa mifandraika amin'izany.



## **Fizarana ny traikefa tamin'ny fani-san-tany izay niarahan'ny SIF natao tamin'ireo Kaominina vitsivitsy teto Madagasikara**

Ny fampiasana ny teknôlôjia toy ny SIG na “système d’information géographique” dia anisan’ny manampy betsaka amin’ny fanatanterahana ny fanisan-tany sy ny fanajariana ny ao anatin’ny Kaominina. Ny tombotsoa azo avy aminy dia ny hananana vokatra sy atotan-kevitra ary saritany voarakitra anaty solosaina ka afaka kirakiraina araka izay ilana azy.


Ny fanatanterahana ny asa izay niarahanana tamin’ny tomponandraikitra isa-tsokajiny tao amin’ny Kaominina dia natao ao anatin’ny mangarahara tanteraka, ary indrindra indrindra ny fampandraisana anjara ireo vondronolona eny ifotony tsy ankanavaka satria izy ireo no tena maha-fantatra bebe kokoa ny momban’ny taniny sy ny zava-misy ao aminy.

- Raha bangoina ireo dingana narahina tamin’ny fanaovana ny asa dia toy izao:
- Fiomanana sy fifampiresahana ary fifanarahan’ny Kaominina sy ny SIF
- Fampiofanana ireo mpanentana mpanisa tany isam-pokontany
- Fampahafantarana ireo vahoaka isam-pokontany
- Fanatanterahana ny fanisana miaraka amin’ny olona eny ifotony amin’ny alalan’ny fijerena saritany
- Fampidirana ny vokatry ny fanisan-tany anaty solosaina
- Famaritana ireo fotodrafitrasa rehetra misy ao anatin’ny Kaominina
- Famolavolana vina sy kisarisarim-panajariana hiarahana amin’ireo sokajinolona eny ifotony.

Ny sary azo avy amin’ny zana-bolana izay maneho ny zava-misy marina eo amin’ny tany no nafahana namaritra sy njery ireo zava-misy ao amin’ny Kaominina ary nanaovana ny fanisana.

### 3.1 Ny Kaominina sy ireo fotodrafirasa sy vakoka misy ao

Saritany 1: Kaominina ambanivohitra Mahatsara, Distrikan'ny Brickaville, faritra Atsinanana sy ny fotodrafirasa ao aminy




Isan'ny natao sy vita tamin'ny asa niarahana tamin'ny daholobe ny famaritana ny farity ny Kaominina Mahatsara izay nitambatra tamin'ny Kaominina hafa teo aloha ary ny famaritana ireo fokontany sy Tanana kely rehetra hita ao amin'ny Kaominina.


Fantatra sy nofaritana ihany koa ireo foto-drafirasa toy ny lalana

rehetra, ny tronom-panjaka, ny trano fianarana, ny kianja filaovana, ny tobim-pahasalamana, ny fiangonana, hatramin'ny tsangambato sy fasana ary ireo toerana manan-kasina rehetra.

Izany no natao dia mba hahafantarana ny zava-misy sy ny toetoetran'ny Kaominina ankehitriny ka hananana vina sy fampandrosoana ny amin'ny hoavy amin'ny alalan'ny fijerena sahady izay tsy ampy eo an-toerana na mila fanamboarana.




Saritany 3: Ny filana andavan'andron'ny mponina ao amin'ny kaominina Anosiala sy ny toetoetran'ny faritra



tsara amin'ny alalan'ny fahafantarana ny tahala ao amin'ny kaominina.

### 3.2 Ny zavamisy eo amin'ny tany

Saritany 4 : ny zvamise eo ambonin'ny tany (Kaominina Mahatsara)



Ny famantarana ny fotodrafitsara iombonana sy ny lalana izoran'ny vokatra ao anatin'ny Kaominina andavanandron'ny mponina dia afahana mitady vahaolana amin'ny mety tsy fahampiana sy hananana fomba fiery lavitra sy fampandrosoana maharitra rahatrizay. Arakaraky ny zava-misy ao amin'ny Kaominina no hitondrana ny fanajariana izay mety sy mifanaraka amin'ny toetoetrin'ny tany misy ao. Tsapa fa ny olona dia mitady sy mihazakazaka hamony ny toerana manamorona ny arabe matetika nohon'ny tsy fisian'ny fotodrafitsara amin'ny toerana izay azo lazaina fa mbola ambanivohitra. Izany anefa dia azo sorohina

Ny fanadihadiana ny tahala tamin'ny alalan'ny sary azo avy amin'ny zana-bolana izay manaraka ny toetrandro no nahafahana namoaka sy namaritra ireo zava-misy eo ambonin'ny tany toy ny ala, kijana, tanim-pambolena, tany fonenana, tanimbary sy ny sisa. Ny fahalalana izany sy ny refiny dia afahana maminavina ny fanajariana tokony atao amin'ny tahala manoloana ny filan'ny mponina sy ny fitombon'ny mponina ao anatin'ny Kaominina. Izany ihany koa dia afahana mandray fepetra sy misoroka ny loza rehefa misy ny loza voajanahary satria fantatra dieny mialoha ireo faritra mety hampidi-doza toy ny faritra iva, ary mba tsy hanorenana fotodrafitsara eny ihany koa.



### 3.3 Ny vokatry ny fanisan-tany

*Saritany 5: Sombin'ny vokatry ny fanisan-tany tao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Arivonimamo II, Distrikan'Arivonimamo, faritra Itasy*



Fahefan'ny Ben'ny Tanàna sy fiaraha-miasa amin'ny fokonolona no afahana mamita ny fanisan-tany, miaraka amin'ireo komity maro momban'ny fananantany sy olo-be eo an-toerana izay mijoro ho vavolombelona ary manamarina izay tena tompon-tany marina.

Tablao maneho ampahany kely amin'ny lisitry ny sombin-tany voaisa sy ny mombamomba izany ary ny tompony

	Anaran'ny Tom-pon-tany	Fanampiny	Lahy na vavy	Laharana kara-pa-nondro	Daty nahaterahana	Sata-tany	Ny hampiasana ny tany	Haben'ny sombin-tany (hekitara)
1	ZARA	JAQUELINE	VAVY	306172007886	1/1/1966	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,15183
2	RAZAFINDRAKETA	NEHEMIA LYDIA	VAVY	301052006047	11/6/1967	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,38262
3	ZARA	JAQUELINE	VAVY	306172007886	1/1/1966	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,60285
4	LAHADY	GILBERT	LAHY	306381003767	8/26/1954	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Fonenana	0,94786
5	EVILINE	MARCIA	VAVY	306172007295	8/3/1991	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,23028
6	SOAZAFY	MARIE VERONIQUE	VAVY	301992042046	10/12/1954	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,23752
7	EVILINE	MARCIA	VAVY	306072007295	8/3/1991	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Fonenana	1,14085
9	SOAZAFY	MARIE VERONIQUE	VAVY	301992042046	10/12/1954	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimboly	0,16545
8	BATILAZY	JOSEPH	LAHY	307001214317	8/3/1991	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Tanimbary	0,91717
10	SOLO LEZOMA	GIDORE MICHEL ET CONSORT	LAHY	306321005105	10/12/1954	Vita kara-tany	Tanimbary	7,79192
11	SAMPIVAVY	ODETTE	VAVY	306372000267	8/2/1969	Vita kara-tany	Tanimbary	1,65014
12	SAMPIVAVY	ODETTE	VAVY	306372000267	8/2/1969	Vita kara-tany	Tanimboly	1,73198
13	TALATA	GABRIEL	LAHY	301991049837	11/10/1958	Tanin'olontsotra tsy vita titra	Fonenana	1,08017

Mbola maro ireo antotan-kevitra azo ampidirina anaty solosaina mombamomban'ny sombin-tany sy ny tompony arakarak'izay filan'ny Kaominina sy izay rehetra mety ilàna izany toy ny karazam-boly misy eo amin'ny tany, ny mpanofa ny tany, ny fomba nahazoana ny tany, ny karazan-trano misy eo amin'ny tany, ny mpifanila vodin-tany sy ny sisa.

Sehatra lombonana hoan'ny Fananantany (SIF)

Lot 141 faravohitra – Antananarivo 101

[sif.fananantany@gmail.com](mailto:sif.fananantany@gmail.com)

034 16 534 63

